


ALAHADY FAHEFATRA FIAVIANA – TAONA A2019



“Ary ny anarany hatao hoe Emanoela, izany hoe: amintsika Andriamanitra” (Mt 1, 18-24)

Ry Kristianina havana, akaiky dia akaiky tokoa ny hankalazantsika ny noely ka izao Alahady faha-4 amin’ny fiaviana izao dia mampiditra antsika tokoa amin’ny tontolon’ny noely, ny Teny tonga nofo araka ny averintsika matetika amin’izao fiomanantsika ny faha 100 taona ny FET fivondronan’ny eokaristika ny tanora sy irosoantsika amin’ny kongresy hanambrantsika ampinoana fa eo anivontsika tokoa Andriamanitra, izany ny Noely, Andriamanitra tonga manatona antsika, Izy Andriamanitra no misahirana miditra ao anatin’ny tontolontsika Andriamanitra eo anivontsika, Emanoela, Andriamanitra miara-monina amintsika ny Andriamanintsika. Asain’ny Eglisy isika hibanjina ny fianakaviana tao Nazareta izay hahitantsika ny cheminement na ny lèlana izay nizoran’ny fianakaviana io handray an’I Jesoa ka hanampy antsika amin’ny dia sy ady ataontsika hiomanantsika amin’ny kongresy eokaristika ka hahatonga antsika ho misionera, tahaka an’ireo fianakaviana tao

Nazareta, hitondra an’I Jesoa eo anivon’izao tontolo satria izany ny atao hoe misionera ho Kristy mpiara belona amin’olona, hahatonga ~~ny~~ nofo eo amin’ny fiainantsika ny tenin’Andriamanitra, izany no nataon’I Josefa sy Maria amin’ny evanjely vao norenesintsika teo.

Vakiteny I : Iz. 7, 10-14

Salamo : Sal. 23

Vakiteny II Rôm. 1, 1-7

Evanjely : Mt. 1, 18-24,

Josefa fofombadin’I Maria izay efa nanana anaka tamin’ny Fanahy masina. Izany hoe mifanohitra amin’ny fomba mahazatra satria azo lazaina fa tsy takatry ny sain’i Josefa ary tsy takatry ny saintsika ka noheverina fa mpinjangajanga i Maria ka nahatsiaro ho kivy I Josefa ary izany ny zavatra sarobidy eo anivon’ny fiainanan’ny fianakaviana dia ny fahatokisana. Amin’ny maha olomarina an’I Josefa sy olona tsy be resaka izy, tsy nilaza izy fa hoe tratrako nijangajanga I Masina Maria fa araky ny fomba tamin’izany fotoana izany dia ny fampakarambady no nataony ka nametraka an’I Maria mangingina I Josefa satria tsy tia tabatabata,

olona marina tsy poerapoera izy fa am-pahatsorana no nanaovany ny fampakarana an'I Masina Maria na dia tsy takatry ny saily aza ny maha bevohoka azy. Nampiova zavatra maro ary azo lazaina fa anisany nampiova ny famonjena antsika ka tonga nofo ny zanak'Andriamanitra, mila an'izany toe-panahy izany isika. Izany ny famenoana ny sajoa enina, fenointsika izy ireo hahatonga antsika hikatsaka ny soa, indrindra hanao ny tsara eo amin'ny fiainantsika hahatonga antsika ho EOV misionera Izany ny finoana nanentana an'I Josefa hanao ny tsara, hametraka manginginan'I Masina Maria , ka teo indrindra ny niseho taminy ny anjelin'Andriamanitra ka nampiova ny fiainany.

Raha tena miray amin'Andriamanitra isika dia miova ny fiainantsika ary I Josefa dia izany tokoa satria Ray mpitaiza an'I Jesoa, nikarakara namelona an'I Jesoa, izany koa no antenaintsika ho vokatry ny noely ary ho vokatry ny fankalazana ny faha 100 taona ny FET indrindra ny kongresy eokaristika ataontsika, hiova tokoa ny fiainantsika, hiova ny tontolo iainantsika, hiova isika ka ho EOV Eglisy Olona Velona tokoa ka manorina ny fanjakan'Andriamanitra manorina Eglisy

Tranoben'Andriamanitra ka amin'izay dia ho taranaka mpanorina tahaka an'I Josefa sy Maria isika. Noho ny ezka ataontsika mamenno ireo siny ireo dia manavao ny fifandraisana amin'ny tontolo iaiana, ny zavaboaary, amin'ny tontolom-piainana ary ny tontolom-pinoana. Raha miova ho tsara ny fifandraisantsika amin'ireo tontolo telo ireo dia hitondra fiadanana ary hamafy fanantenana mandrakariva isika. Izany no tanjona amin'ny fametrahana ny diosezy maitso fa indrindra amin'ny ezaka ataontsika amin'ny fambolen-kazo amin'izao volana desambra sy january izao. Ho tahaka ny anjely nirahin'Andriamanitra niteny tamin'I Josefa ka miteny amintsika koa amin'izao ady sy dia ataontsika izao hoe "Aza matahotra". Maro ny mamapatahotra antsika amin'izao fotoana izao kanefa asain'Andriamanitra isika hanorina Eglisy izay hampisy ny fiainam-baovao ho antsika ary izany no lazain'ny Evanjely Emanoela no anarany, Andriamanitra eo anivontsika. Mety misy tokoa ny fotoana izay mahatonga antsika feno fisalasalana ary dia manome tsiny an'Andriamanitra isika tahaka ao amin'ny bokin'Izaia, kanefa Andriamanitra dia maneho amintsika mandrakariva mba hahafantatra fa Ray be mpamindra fo izy, "*Mihainoa, ry taranak'i Davida: Mbola tsy ampy anareo va ny mahasasatra ny olombelona, no dia mbola mahasasatra an'Andriamanitra koa ianareo? Noho izany dia Tenan'ny Tompo no hanome famantarana anareo; Indro hanana anaka ny virjiny, ka hiteraka Zazalahy, ary ny Anarany hataony hoe "Emanoela" izany hoe: Andriamanitra eo anivontsika..*"

Izany ny noely, miara-monina amintsika Andriamanitra, raha miara-monina amintsika Andriamanitra ao anatintsika dia miova ny fifandraisantsika amin'ny tontolom-pinoana, raha miova ny tontolom-pinoana dia mivahatra amintsika tokoa Andriamanitra ka miova ny tontolom-piainantsika satria hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny isika, hampanjaka ny fifankatiavana ka hikatsaka ny soa iombonana, ka ho lavitra ny herisetra, ho lavitra ny haratsiana isankarazany, ny lainga sy ny fitapitaka, ireny halatra manapotika ny fiainantsika fa hiezaka isika satria efa miova ny fontsika, fo vaovao satria mino an'Andriamanitra ka amin'izany dia mikolokolo ny tontolo iainantsika isika ka hampivelatra ny maha olona manontolo sy ny olon-drehetra.

Voalazan'I Md Paoly amintsika izany raha mandray an'Andriamanitra isika "*Ry olo-masina voaantsion'Andriamanitra: ho aminareo anie ny fahasoavana amam-piadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika, sy i Jesoa Kristy Tompo.*" Amin'izao fiomanantsika akaiky dia akaiky ny noely ary amin'izao ezaka amenoantsika ireo sajoa enina izao izay firariantsoa, izany koa no atolotra ho antsika mianakavy mba hanokatra ny fontsika isika ka handray an'I Jesoa tranon'Andriamanitra, hanokatra ny fontsika isika hiomana ny fotoana sarobidy dia ny fandraisana

ny zanak'Andriamanitra ka ho tanteraka tokoa ilay takalo sarobidy izany hoe Andriamanitra tonga olombelona hahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra, tanteraka izany raha mibebaka isika. Izao no fotoana sarobidy, efa akaiky ny fotoana ka aoka isika hanatona ny sakramentan'ny fampihavanana handraisantsika ny fahasoavana avy amin'Andriamanitra.

Andro vitsy dia ho tonga ny noely koa mitodika aminao izahay ry Andriamanitra Rainay, enga anie hosokafinao ny fonay ka honina ao aminay ianao ka hahazo fahazavana entin'I Kristy izahay, izy ilay teny tonga nofo manoro anay ny tena fiainana.

Ry Andriamanitra Ray ô, mivavaka aminao izahay, omeo anjara hasambarana ireo voahilikilika ka hahay handray anao ary ombao fahasoavanoa izahay ho tsolivin'ny Fanahy masina ireo mbola feno fisalasalana amin'izao fotoana izao. Masina Maria Reninay ô, mivavaha ho anay mba hahatsapa fa miara-monina aminay tokoa Andriamanitra, enga anie izao fotoana fohy nioamananay tahaka ny fiomanana nataon'I Masina Maria sy Md Josefa ka amin'izay dia hahay hameno ireo sajoa enina izahay, ka hahatonga anay tokoa ho misioneranao hanambara fa miara-monina aminay olombelona tokoa Andriamanitra. Tsy mba lavitra Andriamanintsika, Ray be famindrampo izy, vonona mandrakariva hikarakara antsika sy hikolokolo antsika, enga anie hahay handray Andriamanitra tokoa isika, handray ny fiadanana sy fahasoavana avy aminy. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson